# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Jolay 2018

**27** **Zoma**
jolay

**Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho... Na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho; fa Ianao no amiko.** Salamo 23. 1, 4

**Fa ny marina, matoky na dia mby ao amin'ny fahafatesana aza.** Ohabolana 14. 32

**Fanantenana**

Fotoana fohy talohan'ny nahafatesany dia latsaka tao anaty famoizam-po lalina ity filôzôfa tsy mpino. Izao hono no nolazainy : „Fantatro fa mba tokony hanantena hahazo zavatra tsaratsara kokoa aho rehefa ho faty, nefa tokony hisy fiorenany izany fanantenana izany...” Nefa tsy nisy fiorenany mihitsy ny fanantenany.

Mifanohitra amin'izany i Joba, ilay patriarka, satria nanana fanantenana nanorenany ny finoany. Nijaly mafy izy noho ny aretiny, ary tsy nahafantatra na ho sitrana na tsia, saingy niteny hoe : „Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin'ny vovoka Izy. Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra” (Joba 19. 25-26). Nanantena sy nino Ilay Mpanavotra azy i Joba, na dia nitambesatra taminy aza ny fijaliany, ka niteraka fanontaniana tsy nisy valiny.

Mpino maro koa no mety hitebiteby, manoloana ny fahafatesana. Nefa na matahotra izany fotoana farany izany aza izy, ny Tompo Jesosy dia manome fiadanana azy ireo, ary manome koa fanantenana ny fitsanganana amin'ny maty, sy ny fahasoavana hoe ho faty mahazo antoka fa hiaraka aminy ho mandrakizay.

Mahafantatra tokoa mantsy izay mino an'i Jesosy Kristy, fa io Mpamonjiny azy io dia maty teo amin'ny hazofijaliana noho ny fahotany, ary nitsangana tamin'ny maty telo andro tatỳ aoriana, nandresy ny fahafatesana. Izany no fototra iorenan'ny finoany. Fantany fa satria nitsangana tamin'ny maty Ilay Mpanavotra azy, dia hitsangana amin'ny maty koa izy, mba hiara-belona aminy mandrakizay. Tena zava-misy marina sady velona ny hoaviny sy ny fanantenany, ary efa iainany ampinoana.

Ary ianao ve mba manana izany finoana izany, finoana manome antoka toy izany any ambadiky ny fahafatesana ?